# Ilay Voa Tsara Nafafy 04 Novambra 2018

**4** **Alahady**
novambra

**Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy.**
1 Timoty 2. 5

**Andriamanitra ao amin'i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy ka tsy nanisa ny fahadisoany ; ary efa napetrany aminay ny teny fampihavanana.** 2 Korintiana 5. 19

### Vita fihavanana amin'Andriamanitra

*Vakio Genesisy 2. 8-17*

Nahary ny lanitra sy ny tany Andriamanitra, mba hanome fonenana, asa, fahasambarana ho an'ny olombelona hofoforoniny tahaka ny endriny, araka ny tarehiny. Ny teny ao amin'ny Baiboly dia mampiseho amintsika ny fikarakaran'Andriamanitra an'i Adama sy Eva, izay napetrany tao amin'ny saha Edena. Azon'izy mivady ireo nihinanana avokoa izay rehetra nisy tao. Tokony mba ho nankasitraka izy ireo, ka nihaino izay nangatahan'Andriamanitra taminy, hoe tsy hihinana ny voan'ny hazo iray, dia ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy.

Saingy voafitak'i Satana i Eva, ary avy eo koa i Adama, ka namela ny fisalasalana hiditra tao anatin'ny fony. Nisafidy ny tsy hankatò an'Andriamanitra izy ireo, ary nihinana izay noraran'Andriamanitra tsy hohaniny. Tamin'izany no nidiran'ny ota teto amin'izao tontolo izao (Romana 5. 12). Rehefa noroahina hiala tao amin'ny saha ny olombelona, dia tsy maintsy nitoetra lavitra ny fanatrehana feno fitahian'Ilay Andriamanitra masina.

Nefa „teo amin'izay nihabeazan'ny ota no nihoaran'ny fahasoavana be lavitra" (Romana 5. 20), ary tonga Jesosy Kristy mba hampihavana ny voary amin'Ilay Mpahary azy, ka nanao fampihavanana tamin'„ny rany teo amin'ny hazofijaliana" (Kolosiana 1. 20). Araka izany dia tsy manameloka antsika Andriamanitra, fa tia antsika ary te hanana fifandraisana amin'ny tsirairay. Izy mihitsy no nanamboatra ny lalan'ny fampihavanana hoe : tokony hino an'i Jesosy Kristy, Izay maty sy nitsangana tamin'ny maty, ary hany Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona.